



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-153EX

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-  
POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,  
TAONA 2021**

Fivoriana voalohany  
Natao ny  
Talata 3 Aogositra 2021  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Talata 3 Aogositra 2021, tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana ny fivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- Lakolosy -

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriania tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

Araka ny tatintry ny Birao Maharitra, tamin'ny Zoma 30 Jolay 2021 lasa teo dia atao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra izao fivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena izao.

Izany fanapahan-kevitra izany dia niainga tamin'ny fangatahan'ny Solombavambahoaka maro.

Efa nisy fanaovana tatitra mikasika ny asa izay nataantsika teo aloha tany amin'ny toerana nahavoafidy antsika; koa manentana antsika Solombavambahoaka rehetra mba havitrika amin'ny fandraisana anjara amin'ity fotoam-pivoriania tsy ara-potoana ity.

langaviana ny Mpitantsoratra izao, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-73, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena mikasika ny fotoam-pivoriania tsy ara-potoana ataon'ny Parlemanta ary ny Didim-panjakana laharana faha-2021-748 tamin'ny 21 Jolay 2021 miantso izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

Omena anao ny fitenenana, Ramatoa Mpitantsoratra.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-73  
andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena  
ary ny Didim-panjakana laharana faha-2021-748 -**

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra na noho ny fangatahan'ny antsasamanilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Andininy faha-73, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena:

Ao anatin'ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, mikasika ny lahadinika voafaritra, ary natsoina tamin'ny alalan'ny Didim-panjakana nataon'ny Filohan'ny Repoblika noraisina teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra, na nataon'ny Praiminisitra, na araka ny fangatahan'ny antsamanilan'ny mpikambana mandrafitra ny Antenimiera dia tsy mihoatra ny 12 andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana. Misokatra sy mifarana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana avoakan'ny Filohan'ny Repoblika ny fivoriana tsy ara-potoana.

Didim-panjakana laharana faha-2021-748 «portant convocation du Parlement en session extraordinaire».

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE

- Vu la Constitution en ses articles 75 et 85;
- Vu le Décret N°2019-1407 du 19 Juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;
- Vu le Décret N°2020-070 du 29 Janvier 2020 modifié et complété par les Décrets N°2020-597 du 04 Juin 2020 et N°2020-997 du 20 Août 2020 portant nomination des Membres du Gouvernement;

En Conseil des Ministres,

**DECREE:**

Article Premier: En application des dispositions des articles 75 et 85 de la Constitution, le Parlement est convoqué en session extraordinaire à partir du 03 Août 2021.

Article 2: La durée de la session extraordinaire ne peut excéder 12 (douze) jours.

Article 3: L'ordre du jour de cette session extraordinaire comprendra l'examen des projets de loi suivants:

- Projet de Loi autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du Projet «Durabilité du secteur routier à Madagascar» (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).
- Projet de Loi autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement du «Projet de transformation économique pour la croissance inclusive (PIC 3)», conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).
- Projet de Loi autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement de la phase 2 du projet d'amélioration de l'accès énergétique et d'infrastructures routières dans le Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-énergie), conclu le 04 Mars 2021 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID).
- Projet de Loi autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 Novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement.
- Projet de Loi portant création d'un Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégique ou FMISS.

Article 4: En raison de l'urgence, et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 Septembre 1962 relative aux dispositions générales de droits interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès qu'il aura reçu une publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Article 5: Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation, le Ministre de l'Aménagement du Territoire et des Travaux Publics, le Ministre de l'Industrie, du Commerce et de l'Artisanat et le Ministre de la Communication et de la Culture sont Chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent Décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 21 Juillet 2021

Le Président de la République,

Andry RAJOELINA

- 3 -

**- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra isika namaky izay andinin-dalàna izay.

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;  
 Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona izay misolo tena an'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;  
 Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Mahariry ny Antenimierampirenena,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta;  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;  
 Andriamatoa Mediatoran'ny Repoblika;  
 Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanam-pirenena Malagasy;  
 Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;  
 Andriamatoa Sekreteram-panjakana Mpanatanteraka misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;  
 Ianareo mpandraharaha namana mpiara-miombon'antoka, mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena; tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly;  
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;  
 Ianareo manam-boninahitra manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo avy na Sivily na Miaramila araka ny arofenitra.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Faly miarahaba antsika rehetra indray amin'ity androany ity.

Fotoam-pivoriana izay efa nampoizina ihany raha ny fiazakazahan'ny raharaham-pirenena. Arahabaina manokana koa ianareo vahiny manan-kaja izay manaraka miaraka aminay amin'ity fotoam-panokafana ampitain-davitra ity.

Tsy sasatra ihany koa ny mankasitraka anareo Solombavambahoaka namana mpiara-miasa rahateo; antsoina andro dia andro, antsoina alina dia alina amin'ny asa atrehina eto.

**Ny voalohan-teny, amin'ny maha solotenan'ny vahoaka, mihazakazaka tokoa ny raharaham-pirenena;** mazava ho azy fa hitodika amin'ny Filohan-pirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA, **amin'izao fotoana izao** aloha ny tenako.

Amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena dia miarahaba anao, Andriamatoa Filoha, tsy maty fo aman'aina; na teo aza ireny fikasan-dratsy hifofoana ny ainao sy ny mpitondra fanjakana **ambony** ireny. Ny Antenimierampirenena dia manameloka marin-drano iny fomba mamohetitra helohin'ny Lalàna, tsy eken'ny soatoavina Malagasy ary ny demokrasia iny. An'Andriamanitra irery ihany ny aina, ka fahotana ny mikitikitika izany. Tsy ekena velively ny teti-dratsy hamboly korontana eto amin'ny tany sy ny Firenena, ny fanitsakitsahana ny fiandrianam-pirenena sy ny fikasana handrodana ny Repoblika.

Izahay dia sahy milaza etoana fa tsy sarin'ady na sarimihetsika ireny trangan-javatra ireny. Koa aoka ny vahoaka Malagasy tsy ho voarebireby amin'izany ary hamafisina hatrany fiarovana ny ain'ny Filohan'ny Repoblika sy ny ankohonany **fa tsy azo atao tandrevaka**.

Ny Filamatry ny Antenimierampirenena ankehitriny dia ny hisian'ny fifandimbiasan-toerana ara-demokratika ao anatin'ny fitoniana. Ireo voalaza ireo no miantoka ny mahamaritoerana ny Fitondram-panjakana na ny "stabilité" **eto amin'ny firenena.**

Etsy ankilan'izay, tiako ny mampita hafatra amin'ireo mpampiasa tambazotran-tserasera aratsosialy mba hitandrina amin'ny vaovao aparitaka mba tsy ho lasa fitsabahana ny asan'ny fitsarana. Tokony hajaina hatrany ny tsiambaratelon'ny famotorana na ny "secret de l'intsruction" sy ny fiheverana ho toy ny tsy meloka ireo atao famotorana na "présomption d'innocence". Ho setrin'izany, ampirisihana ianareo mpanao famotorana sy ny fitsarana hanatanteraka ny asanareo amin'ny maha matianina anareo, ka hampihatra ny sazy hentitra araky ny lalàna amin'ireo izay voaporofa fa meloka. Manao antso avo izahay Solombavambahoakan'i Madagasikara ny sy ny Biro Maharitra izay tarihiko, mba hiseho ny valin'ny fanadihadiana marina ho fantatry ny vahoaka Malagasy. Tsarovy fa ny vahoaka dia manara-maso akaiky ary liana te-hahafantatra ny fizotry ny raharaha satria Filohampirenenanofidiany iny, ka raha ny Filoha voafidy no voakitikitika ny ainy dia mahasaropiaro ny vahoaka izany. Andriamatoa Tonia Ambonin'ny Fitsarana na Ramatoa "Procureur Général"-n'ny "Cour d'appel" amin'ny famatsiam-baovao sy ny filazana ny fizotry ny famotorana sy ny fanafainganana ny asa.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Koa satria fotoam-pivoriana tsy ara-potoana izy ity, izay niantsoan'ny Fahefana Mpanatanteraka antsika ny hiatrehana azy dia Lahadinika efa voafaritra mialoha no hodinhantsika eto.

Efa novakian'ny mpitantsoratra teo izany, ka inoana fa efa fantatry ny rehetra; fa ny tsara tsindriana dia zava-dehibe tokoa ireo Lahadinika dimy (5) ireo satria hiantoka ny fampandrosoana ny firenena amin'ny lafiny maro.

- Ao ny fanamboaran-dalana (IPF-Transport);
- ao ny tetikasa hampiova mihitsy ny tontolo ara-toekarena eto Madagasikara (PIC 3);
- ao koa ny mikasika ny angovo sy ny fotodrafitsara maro samihafa (PIC 2- ENERGIE);
- ao ny fampiroboroboana ny Indostria (PAISF);
- ary ny fananganana ny «Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégiques (FMISS)».

Raha toa ka hahazo ny funkatoavan'ny Parlemanta ireo famatsiam-bola ireo dia takian'ny Solombavambahoaka ny fampiasana azy ao anatin'ny mangarahana. Aoka koa mba tena hiantefa marina any amin'ny vahoaka na any amin'ny kitapom-pitahirizan'ny fianakaviana satria lafiny fampandrosoana izany zavatra izany, eny hatrany amin'ny vilanin'ny isantokatrano mihitsy.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Talohan'izao fotoam-pivoriana izao, izany hoe taorian'ny fotoam-pivoriana ara-potoana nataontsika farany teo, tsara raha anaovana tatitra fohy ihany isika Solombavambahoaka satria nisy hatrany asa notanterahina teto anivon'ny Antenimierampirenena.

Tao ohatra ny:

- Fitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Antenimierampirenena Malagasy sy ny «Assemblée Populaire Nationale de la République Populaire de Chine», izay nosoloin'Andriamatoa Zhang Wei, «Ministre Conseiller» ao amin'ny Masoivohon'i «Chine» eto Madagasikara tena.

- Nanatanteraka fivoriana teny amin'ny «Hôtel Panorama» ny teknisiana tao anatin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana ato amin'ny Antenimierampirenena, ny faha-28 Jolay 2021 teo, izay niarahana tamin'ny «Cour des Comptes» ary nokarakarain'ny PNUD.
- Nitsidika ny Filohan'ny Antenimierampirenena ny fikambanana ahitana ireo vehivavy sangany amin'ny fampiroboroboana ny vehivavy sy avy amin'ny vondrona miralenta ho an'ny fampandrosoana ary ny avy amin'ny «Gender Links».
- Tao koa ny fandraisana ny Ambasadaoro vaovao avy amin'ny «Fédération de Russie»,
- Voafidy ho solotenan'i Madagasikara ao amin'ny vondron'asa momba ny siansa sy teknolojia ao amin'ny «Union Interparlementaire» koa ny Solombavambahoaka TOVONDRAY Retsanga Brillant de l'Or.
- Nisy ihany koa ny atrikasa izay nokarakarain'ny EISA ho an'ny mpiasan'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona izay entina hampitombo ny fahaiza-manao momba ny famolavolana sy fandinhana ny lalàna mikasika ny «genre».
- Noraisin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena teto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny fikambanana «Union Emergence Madagascar» (UEM); Fikambanana izay ivondronan'ireo «diaspora» avy any Frantsa.
- Nisy ny atrikasa nokarakarain'ny «Association Nationale pour la Justice Administrative» na «ANJA Madagascar», izay niarahana tamin'ny «Fonds des Nations Unies pour la consolidation de la paix», ny «Friedrich Ebert Stiftung» ary ny PNUD.
- Tao koa ny fihaonana tamin'ny Ambasadaoron'i «Royaume-Uni» sy ny Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovain-jafy ary ireo teknisiana avy amin'ny «ONG Kew» sy ny Tale Jeneralin'ny Faritra arovana.
- Nisy koa ny fiatrehana ny atrikasa «sur les bonnes pratiques parlementaire en matière de lutte contre le VIH-SIDA, Paludisme, tuberculose et COVID-19, dans le cadre du Parlement Panafricain». Izany dia natrehin'ny Solombavambahoaka RIVOTIANA Jean Bosco sy ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.
- Ary ny farany, efa eo amperin'asa ny Vaomiera Mpanadihady momba ny resaka fifandraisian-davitra raha ny tatitra henoko.

Ny asa mitohy hatrany ary mbola be no hefaina, ka hajanoko eo aloha ny amin'iny, fa hiteny kely mikasika ny raharaha-pirenenena isika.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Tsapa tato ho ato fa misy rivotra mitsoka mitondra ny feon'ny namana. Raha misy, hono, ny tokony hahitsy na ovaina dia fotoanany izao. Ny Antenimierampirenena sy ny Solombavambahoaka maro an'isa dia tsy hanao vato manoha-riana na volo manoha-randrana mihitsy amin'ny asa fampandrosoana efa hataonao ho an'ity Firenentsika ity, Andriamatoa Filoha. Ho fanatsarana izay fifandraisana efa misy izay anefa dia ilaina ny fametrahana ny hasin'ny Andrimpanjakana tsirairay ao anatin'ny fanajana ny fotokevitry ny Lalàmpanorenena. Koa raha misy fanapahan-kevitra horaisina amin'ny fitantanan-drahahaha amin'ny ankapobeny na ara-panjakana io na ara-politika dia maniry sy manao soso-kevitra izahay, mba hapetraka amin'ny hasiny ny Antenimierampirenena. Tokony ho olomboasedran'ny vahoaka no ho hita taratra bebe kokoa hisahana sy hiandraikitra ny politikan'ny Mpanatanteraka. Averina ihany fa izany hevitra izany no atsidika eto dia ho fikatsaham-pitoniana hatrany mbaahasoa ny tany sy ny fanjakana.

Andriamatoa Filoha sy Ramatoa isany tomponandraikitra eto amin'ny tany sy ny firenena, ny ankamaroan'ny mpitondra rehetra maneran-tany dia mandalo sedra politika avokoa rehefa eo ampisasahan'ny fotoam-piasany. Koa amin'ny maha mpanara-maso ny asan'ny mpanatanteraka anay dia sady mitsikera no mitondra soso-kevitra, miainga amin'ny fanombanana sy fandrefesana ny asa vitan'ny mpanatanteraka. Koa mino izahay fa misy mihaino ary tsy ho raraka an-tany ny soso-kevitra ikatsaham-panatsarana izay efa narosonay. Etsy ankilany, malalaka ny fanehoan-kevitra amin'izao fitondrana misy ankehitriny izao. Heno ny fanehoan-kevitr'ireo mpanohitra izay heverina fa toy ny fanehoan-kevitra rehetra ihany, ka tsy dia hatao mahataitra izany. Ny fitondrana misy ankehitriny dia fitondrana mijoro ara-dalàna, nankatoavin'ny vahoaka Malagasy sy ny sehatra iraisam-pirenena. Koa tsy ekena ny fikonokononana korontana na avy aiza izany na avy aiza, fa aoka samy ho tony ka hiandry ny fotoam-pifidianana manaraka toy ny fahita any amin'ny firenena rehetra mandala ny demokrasia. Ilaina ve ny mampahatsiahysa ny fanovàna Repoblika izany dia tsy maintsy mandalo dingana maro raha tany tan-dalàna isika, indrindra ao anatin'izany ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Alohan'ny hamaranako ny fitenenana dia manolotra ny fisaorana ny Governemanta tarihanao aho, Andriamatoa Praiminisitra, fa tonga soa aman-tsara ireo vaksiny vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny fitondrana Amerikana. Inoana fa ho maro ireo hisitraka izany vaksiny izany araka ny fandaminana hataon'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka. Koa misaotra ny Minisitry ny Fahasalam-bahoaka koa izahay satria efa miroso amin'ny fisoratana anarana izahay ato amin'ny Antenimierampirenena. Entanina isika Solombavambahoaka sy ny vahoaka Malagasy tsy hiroroa saina, fa hiroso amin'ny fisitrahana izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Hatreo aloha ny androany, fa tsy hivalapatra lava isika. Ho toy ny mahazatra dia manentana hatrany ny Solombavambahoaka mba hampiseho fifantohana sy fahavitrihana indray, indrindra fa zava-dehibe tokoa ary mbola tsy nisy teto amin'ny firenena raha izany maribola entina hankatoavina izany no ambara eto androany.

Koa misaotra anareo olo-manan-kaja eto amin'ny firenena tonga manotrona. Isaorana Andriamatoa Filoha sy ny mpikambana iray manontolo ao amin'ny Governemanta tamin'ny fahombiazana tamin'ny fahazoana ity vola tsy hita pesipesenina ity. Koa alefako sahady ny firarian-tsoa ho an'ny Solombavambahoaka izay hiara-hiasa amin'ny fivoriana ampitain-davitra mandritra ny roa amby folo andro. Samia hotahian'Andrimanitra isika rehetra.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- 4 -

**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika, fa androany amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izay mbola hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra na ny "visio conférence" izany.

Miato hatreto ny fivorantsika androany.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

**- Lakolosy -**

Niato tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory,  
Ramatoa Filoha.

